FANGATAHANA ANTSORATRA FANDRAVANA NY CENI
(Pétition pour la Dissolution de la CENI)

Ny toe-draharaha politika amin'izao fotoana dia mbola vao miha manaporofo hatrany fa tsy tafavoaka amin'ny faha-panonganam-panjakana i Madagasikara. Tsy notanterahina antsakany sy andavany ireo lalàn'ny tondrozotra izay natao hamoahana ny firenena amin'ny kirizy.

Raha ny toe-draharaha ao amin'ireo firenena afrikana, indrindra ireo izay voazanaky ny frantsay, no jerena dia hita soritra fa tsy nanampy ny fahombiazan'ny fifdianana ny fametrahana ny CENI. Vao miha, ala-bato mitarika ady sy korontana no hita. Ohatra amin'izany ny ao Gabon vao tsy ela akory.

Raha ny eto Madagasikara manokana dia tsiahivina fa ny lisi-pifidianana ampiasaina ankehitriny dia ireo nampiasaina tamin'ny nanaovan'ny fitondràna tetezamita fitsapà-kevi-bahoaka. Noho izany dia maro dia maro ireo olona saro-piaro amin'ny ara-dalàna izay tsy nisoratra ary niniana tsy nampidirana ho isan'ny mpifidy tamin'ireny fotoana ireny satria sarintsarim-pifidianana no natao. Na izany aza dia io lisi-pifidianana io ihany koa no niaingan'ny fifidianana taty aoriana ary tsapa ankehitriny ny tsy fahavitrian'ny mpitondra ankehitriny ny hanova izany toe-javatra izany.
Noho ireo voalaza ireo fotsiny dia efa ampy hilàzàna fa tsy marim-pototra ny fifidianana rehetra nanomboka tamin'ny 2010 mankàty ary raha tsy miova tanteraka ny rafitra mitondra izany dia fitaka daholo ny fidradradradraina fa eo ampanamboarana izany ny fanjakàna ary miampy ny fanakona-maso amin'ny fanomezan'ny Pnud vola momba izany.

Koa isika malagasy dia manana adidy hanao antso avo amin'ireo tompon'andraikitra iraisam-pirenena mikarakara ny fifidianana sy ny famahana ny kirizy eto Madagasikara, hisarika ny sain'izy ireo ny amin'ireto teboka ireto :

1. Lalam-panorenana izay nolaniana tamin'ny fomba tsy ara-dalàna, tsy nankatoavin'ny vondrona iraisam-pirenena, sady manome vahana ny fangoronam-pahefana eo antànan'olon-tokana no entina manatontosa fifidianana ;
2. Omena hotantan'ny CENI izay tsy azo antoka satria voarohirohy amin'ny hala-bato bevata sy ny fanodikodinam-mbola no mbola omena ny fikarakarana ny zava-drehetra.

Etsy an-daniny dia sady nolavin'ny maro ny didim-panjakana vaovao 19 oktobra 2015 nametrahana ny CENI, no manampy trotraka ny ahiahy manoloana ny fametrahan'ny mpitondra ireo akaiky azy ao anatin'izany ;

3. Tsy narahi-maso akory na nohadiadiana ny loharanon'ny vola aman-tapitrisa euros, tsy fanta-pihaviana nitobaka nentin'ireo nilatsa-kofidiana nadritry ny fampihelezan-kevitra. Tsy nisy famotorana akaiky nataon'ny fanjakana (ohatra 500 4x4 an'i Camille Vital) ;

4. Tsy misy fanadiadiana na dia maro aza ny nilahatra nitondra porofo amin'ny hala-bato sy ny tsy fihetezan'ny fifidianana ;

5. Vao maika nohamafisina amin'ny alalan'ny lalàna napetraka tamin'ny volana aogositra 2016, ny fanampenam-bava ny mpanao gazety, ny fanakatonana sy fanaovana antsojay ankolaka isan-karazany ireo haino aman-jery noho ny antony ara-politika.

Holazaina amin'izy ireo amin'izany fa tsy jamba na handefitra intsony ny vahoaka malagasy, koa miangavy ampanajana ireo foibe iraisam-pirenena mandray anjara amin'ny fametrahana fifdianana "malalaka" mba hiaro izany ka hanampy ny firenena malagasy amin'ny :

1. Famporisihina ny fametrahana fikambanana manokana mpamolavola ny lalàm-panorenana vaovao

2. Famporisihina ny handravana ny CENI tsy azo antoka

3. Fijerena akaiky ny hisian'ny lisitra mazavan'ny mpifidy mialoha ny fifidianana

4. Fametrahana avy hatrany ho hitan'ny rehetra sy azo antoka ny fahamarinan'ny valim-pifidianana

5. Fametrahana ny fitantanana ny fifidianana amin'ny rafitra eken'ny rehetra fa mahaleo tena

6. Famerenana ny tena demokratia amin'ny alalan'ny fanomezan'antoka ny azahoan'ny mpifidy sy ny ho fidiana hilatsaka malalaka

7. Famporisihina ny hametrahana ny fanadiadiana manodidina ny vola lalaovin'ireo mpanao politika mandritra ny fifidianana

Koa manainga mavesatra ny vahoaka malagasy hanao sonia ny fangatahana an-tsoratra (pétition) ao amin'ny :

https://secure.avaaz.org/fr/petition/La_communaute_internationale_ONUUEUASADCOIF_Rassemblonsnous_pour_exiger_la_dissolution_de_la_CENI/?pv=9

Manainga mavesatra ireo fikambanana sy tsara sitrapo rehetra manohana ny ara-dalàna eto Madagasikara, hanao fanangonana sonia any amin'izay misy azy rehetra ka handefa ny vokatra ao amin'ny **fihaonanatt@gmail.com**

Halefa amin'ny :

Nations Unies
Union Européenne
Union Africaine
SADC
PNUD
OIF
Masoivoho vahiny eto Madagasikara